## NY TENY FIAINANA

*Fadio ny fanao ratsy rehetra. Ary dia ny Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka, ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika.*

***I Tesaloniana 5:22-23***

### Tokinantenaina Randriatsiferana, Tsiry

# Tsy mbola ho lasa any Libye

Na dia efa nandeha be aza ny feo, fa ho vidian'ny ekipa iray any Libye, hilalao any amin'izy ireo mandritra ny fotona maharitra ilay mpilalao elatra havian'ny Barea Chan, Tokinantenaina Randriatsiferana « Tsiry », dia izy tenany mihitsy tamin'ny alatsinainy 06 febroary 2023, raha niresadresaka tamin'ny mpanao gazety, no nanambara fa efa nifarana ny "mercato" ka tsy ho tanteraka izany faniriana izany na dia efa nokarakaraina any amin'ny ekipan'ny Fosa Junior Fc Mahajanga hilalaovany aza ny taratasy momba izany. Mazava loatra fa mbola tafajanona ao amin'ity ekipa hilalaovana ity aloha izany amin'ity taom-pilalaovana ity i Tsiry, ka mbola handray anjara amin'ny fifaninanana eto an-toerana "Orange Pro-League 2022-2023".

***Rainilita***




*Tsiry tany Algérie.*

### Itasy Football

# Hitohy ny « Championnat de Football D1 2022-2023 »

Hitohy amin'ny alahady 12 sy alatsinainy 13 febrrroary ho avy izao ny fifaninanana baolina kitra « Championnat de Football D1 2022-2023 » karakarain'ny Ligin'ny baolina kitra any Itasy fantatra amin'ny hoe : « Itasy Football » taorianan'ny nanemorana azy nandritra ireny andro ratsy ireny. Fandaharan-dalao vondrona andrefana Alahady 12 febroary 2023, Kianja Miarinarivo : 13:00-Antanambao FC# 117 FC VS Jamaica Jfc (lalao miverina) 15:00-Fct Analavory #FCA analavory (lalao miverina) Alatsinainy 13 febroary 2023, Kianja Ampary : 14:00-Fitama # Mada City (lalao miverina) Vondrona atsinanana Alahady 12 febroary 2023, Kianja Arivonimamo : 12:00-Asca Foot # FootAcademy Fenoarivo (lalao mandroso) 14:15-Fmb Brinx # Ojai (lalao miverina) Alahady 12 febroary 2023, Kianja Amboniatsimo Imerintsiatosika : 12:00-Cft Fc # Shalk Fc (lalao mandroso) 14 :15-Aseffama # Grenade Fc (lalao miverina).

***Rainilita***



*Ekipa mpilalao any Itasy.*

### Ekipam-pirenen'i Mayotte basikety

# Hanao lalao famerenana amin'ny Cospn sy Gnbc




*Nat Mayotte teny amin'ny petit palais Mahamasina.*

Amin'ny alatsinainy 13 sy talata 14 febroary 2023 ho avy izao indray, vao hiaka-tsehatra etsy amin'ny kianja "petit palais Mahamasina" ny ekipam-pirenen'ny basikety avy any Mayotte, izay mandranto lalaom-pirahalahiana eto Madagasikara ankehitriny, ho fanomanana ny Lalaon'ny Nosy 2023, ka ny lalao famerenana hifanandrinany amin'ny ekipa Malagasy Cospn sy Gnbc no hatrehany amin'izany. Fandaharan-dalao samy hanomboka amin'ny 4 ora hariva : Alatsinainy 13 febroary : Nat Mayotte # Cospn Mad, talata 14 febroary : Gnbc Mad # Nat Mayotte. Marihana fa ho bôjo hatrany ny fidirana mijery an'ireo lalao ireo.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Tsiasisa sy saosisy indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananas y angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny tongolobe



Ny soa azo avy amin'ny tongolobe amin'ny vatan'olombelona indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

- Anti- oxydant, na miaro amin'ny fahanteran'ny sela,
- Mampatanjaka ny hery fiarovana,
- Miady amin'ny virus sy ny bakteria,
- Tsara ho an'ny fo sy ny lalan-drà,
- Mampidina tosi-drà,
- Miaro ary manala ny zavatra manentsina ny lalan-drà,
- Mampihena vatana, manala tavy,
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina, miaro amin'ny aretim-pivalanana,
- tsara hoan aty,
- Tsara ho an'ny maso sy ny saina ( fitadidiana),
- Mampidina ny tahan'ny siramamy ho an'ny olona diabetika,
- Miady amin'ny homamiadana na cancer,
- Tsara ho an'ny volo, mampaniry volo,
- Tsara ho an'ny olona manana aretin'ny havokavoka,
- Mampatanjaka ny taolana,
- Tsara ho an'ny prostate ny lehilahy, mahasalama.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antanambaobe, distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antanambaobe distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanambaobe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Efa azo lazaina ho tsy iva toerana izy, satria 175 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny jirofo, ny lavanila. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina any Antanambaobe.

